## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Izay maharesy no hataoko andry eo amin'ny tempolin'Andriamanitro, ary tsy hiala eo intsony izy; ary hosoratako eo aminy ny anaran'ny tanànan'Andriamanitro, dia Jerosalema vaovao, izay midina avy any an-danitra avy amin'Andriamanitro, ary ilay anarako vaovao."*

***Apokalypsy 3:12***

BASKET TOMPON-DAKAN'I MADAGASIKARA N1A

# Fantatra teny amin'ny 67 ha ny ho fizotran'ny fifaninanana



*Basket N1 A lahy sy vavy teny amin'ny 67 ha.*

Tontosa tamin'ny alatsinainy 7 febroary 2022, teny amin'ny Foiben'ny FMBB 67Ha, ny fampahafatarana ny fizotry ny fifaninanana nasiônaly eo amin'ny sokajy N1A lahy sy vavy basketball. Nitondra fanazavana ho an'ireo ekipa tonga niatrika ity fotoana ity ny Federasiona malagasy basket-ball, tamin'ny alalan'ny Filohany sy ny tomponan'andraikitry ny fifaninanana.
Nasiana fanovana ny endriky ny fifaninana nasiônaly ho an'ny sokajy N1A, ka nozaraina ho dingana telo izany :
- dingana voalohany ho an'ireo ekipa miisa roa ambiny folo (12) izay mizara sokajy anankiroa ihany koa dia ny sokajy " conférence OUEST" ahitana ekipa miisa enina (06) ary ho tanterahina ny 23 Aprily hatramin'ny 01 May 2022 any Diana, sy ny sokajy " Conférence EST" ahitana ekipa miisa enina (06) ihany koa izay ho tanterahina ny 07 May hatramin'ny 15 May 2022 any Atsinanana.
-dingana faharoa ny "elite 8" izay ho tontosaina ny 16 Septambra hatramin' ny 25 Septambra any Boeny, ka ireo ekipa miisa valo (08) avy amin'ny dingana voalohany no mandray anjara amin'ity dingana faharoa " elite 8" ity.
-dingana fahatelo ny " final tour", izay ho tontosaina ny 15 Oktôbra hatramin'ny 23 Oktôbra 2022 eto Antananarivo, ka ireo ekipa miisa efatra sangany izay hanao lalao mandroso sy miverina, ary ho faranan'ireo ekipa roa hanao ny lalao famaranana.
Ny an'ny sokajy vehivavy dia mitovy amin'ny taloha ihany ny fizotry ny fifaninanana. Miisa 12 ny mpandray anjara raha 10 izany teo aloha. Ny fifanintsanana phase 1 dia ny 7 hatramin'ny 15 Mey any amin'ny faritra Atsinanana. Ny fifanintsanana phase 2 sy famaranana dia ny 15 hatramin'ny 23 Oktôbra eto Antananarivo.

***Rainilita***

Andro faha-7 "Orange Pro League 2021/2022"

# Lavon'ny Cffa Andoharanofotsy ny Mama Fc Betsiboka

Nahazoam-bokatra ankehitriny ny ampahany amin'ny fifaninanana baolina kitra "Orange Pro League Malagasy 2021/ 2022", notanterahina tamin'ny talata 08 febroary 2022 lasa teo, izay nisaraka ady sahala avokoa tamin'ny ankapobeny ny lalao natao tany Toliara, teny Vontovorona, nahazo fandresena 1-0 kosa ny Cffa Andoharanofotsy, tetsy amin'ny By-Pass, raha nihaona tamin'ny Mama F avy any Betsiboka.
Vokatra azo : Jfc Toliara 1 – 1 Dato Football Club Farafangana 309; Cffa 1 – 0 Mama Fc, Jet Kintana 1 – 1 Fosa Juniors Fc, Ajesaia 1 – 2 Uscafoot.

***Rainilita***




*Mpilalao Orange Pro League 2021/2022.*

"Tounoi Doritos La Relève"

# Raikitra amin'ny sabotsy izao ny lalao famaranana

Raikitra fa ho tanterahina « à huis clos » eny amin' ny kianja "Terrain Manarapenitra Ambohidratrimo", amin'ny sabotsy 12 febroary 2022 ho avy izao, ny lalao famaranana amin' ny fifaninanana "Tournoi Doritos La relève", izay hifanandrinan'ny Jsem sy ny Gffa, rehefa voatery nahemotra fotoana lavalava ihany, noho ny toejava-misy ara-pahasalamana nitranga teto amintsika (efa tokony ho tamin' ny sabotsy 18 desambra 2021 lasa teo, no nanatanterahana an'ity lalao ity).
Tsiahivina fa ny Jsem nandresy ny Net Foot tamin'ny isa 3-2 teo amin'ny lalao ankatoky ny famaranana tamin'ity fifaninanana ity ary ny Gffa nandavo ny Efca 1-0.

***Rainilita***



*Tournoi Doritos La Relève.*

## Sakafo Ny Valosoa



**Henakisoa sy baranjely na aubergine** indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Azo atao ridritra izany, azo atao ketsaketsa ihany koa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Mahatsara ny aty ny fihinanana tongolo gasy

Mahatsara ny aty ny fihinanana tongolo gasy, io indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ho an'izay manana olana amin'ny aty, mihinàna tongolo gasy manta matetika dia ho hitanao ny fiovany. Ny karazana aretin'aty rehetra dia afaka sitranina amin'izany: ny aty matavy , aty mamaivay na manaintaina, aty simba , aty misy poizina , hepatite A, B , C, sns...



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Sarodrano any amin'ny distrikan'Ambatomainty faritra Melaky

Ny tanànan'i Sarodrano any amin'ny distrikan'Ambatomainty faritra Melaky indray, no Mahaliana eto amin' ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Sarodrano ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 4 mandrafitra ny distrikan'Ambatomainty. Any amin'ny faritra andrefan'i Madagasikara no misy azy. Vokatra any Sarodrano ny vary, ny katsaka, ny mangahazo. Mpiompy omby ihany koa ny mponina any an-toerana.

